ETAZONIA

# Manampy antsika hitazona ny fanafody ho azo antoka sy mahomby

Manampy antsika hitazona ny fanafody ho azo antoka sy mahomby i Etazonia. Ny fitaovana vaovao dia hanatsara ny fahaizan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka hijery akaiky ireo fanafody. Mamono hatrany amin'ny olona miisa 500.000 eo ho eo isantaona ny fanafody sandoka, araka ny tatitra navoakan'ny Firenena Mikambana vao haingana. Manoloana izany dia manampy ireo tomponandraikitry ny fahasalamana eto Madagasikara ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), amin'ny fiarovana ny fanafody eto Madagasikara.

Tamin'ny lanonana notontosaina ny10 jolay teo, tao amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, dia nanolotra fitaovana sy kojakoja ilaina amin'ny laboratoara mitentina 155. 000 dolara (706 tapitrisa ariary) ho an'ny Sekretera Jeneralin'ny Ministeran' ny Fahasalamam-bahoaka, Dr Lethicia Lydia Yasmine, ny Tale Jeneralin'ny USAID/Madagasikara, Anne N. Williams.



*Ireo fitaovana sy kojakoja samy hafa avy amin'ny USAID Amerikana.*

"Ny USAID dia midera ny ezak'i Madagasikara amin' ny fanatsarana ny fotodrafitrasa eny anivon'ny laboratoara sy ny fahaizamanaon'ny mpiasa," hoy i Ramatoa Williams. "Ity asa lehibe ity dia hiaro ny olompirenena malagasy amin'ny loza ateraky ny fanafody tsy manara-penitra sy tsy voafehy."

Tafiditra ao anatin'ny tetikasa fampiroboroboana ny kalitaon'ny fanafody (PQM+) tarihin'ny USAID izao hetsika izao. Ary ny sampandraharaha misahana ny fanarahamaso ny fanafody eto Madagasikara (AMM) no hisitraka ireo fitaovana ireo. Ny fanomezana dia ahitana "testeur de dissolution de medicaments", izay ampiasaina handinihana ny fomba filevonan'ny fanafody ao anaty rano sy ny fomba fiparitahan'ny ranom-panafody ao anaty vatana.

Ny fitaovana laboratoara fanampiny dia hanampy ny AMM amin'ny fitiliana ny fahombiazan'ny fanafody miaro ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana, ary ny fanafody miady amin'ny tazomoka, izay efa amidy eny anivon'ny toeram-pivarotam-panafody. Ny fanarahamaso ataon'ny Laboratoara Nasionaly misahana ny Fitiliana ny Fahombiazan'ny Fanafody dia zava-dehibe satria ny fanafody sandoka sy tsy manara-penitra dia mety hiteraka fijalian'ny marary ary hampitombo ny saran'ny fitsaboana.

Efa ela ny USAID no niaraniasa tamin'ny Ministeran' ny Fahasalamam-bahoaka, mba hiantohana ny hahazoan'ny marary fanafody avo lenta, azo antoka ary mandaitra, ary niaraka namolavola rafitra manara-dalàna matanjaka, mba hanaraha-maso ny kalitaon'ireo vokatra ara-pitsaboana ho an'ny sarambabem-bahoaka.

Amin'ny alalan'ny fanampiana ara-teknika avy amin'ny PQM+, ny USAID dia manampy amin'ny fampitomboana ny fahaizamanaon'ny AMM amin'ny fanaraha-maso sy fitsirihana ireo toeram-pivarotam-panafody sy ireo mpivarotra fanafody ambongadiny, mba hahazoana antoka fa voatahiry sy zaraina araka ny tokony ho izy ny fanafody.

Toy ny " mpirahalahy mianala," miara-dia amin'ny vahoakan'i Madagasikara ny vahoakan'i Etazonia amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny Malagasy. I Etazonia no mpamatsy vola lehibe indrindra amin'ny lafiny fahasalamana eto Madagasikara, izay mitentina 440 tapitrisa dolara mahery nanomboka ny taona 2015.

***Aly***

Fasan'ny Karana, jiolahy 3 nanafika

# Lasa ny moto noho ny lalana ratsy

Nisehoana trangana tsy fandriampahalemana mifandraika amin'ny faharatsian-dalana eto an-drenivohitra omaly atoandro, teny amin'ny Fasan'ny Karana. Jiolahy 3 nanafika, lasa tamin'izany ny moto noho ny faharatsian'ny lalana. Nipoaka ny basy tamin'ny 11 ora sy 15 minitra teo. Moto iray somary nandeha mora teo am-pandehanana lalan-dratsy, no nalain'ireo olondratsy an-keriny. Lehilahy miisa 3 no nanao ny tetidratsy. Nanapoaka basy indray mandeha izy ireo ary lasany ilay moto, ka niala maina ireo lehilahy 2 nandeha tamin'ilay kodiaran-droa. Tsy nisy kosa ny naratra.

***Stefa***


*Ny faharatsian'ny lalana eny amin'ny Fasan'ny Karana.*

Fantsona vaky tao Ambatoroka

# Faritra maro teto Antananarivo tsy nahazo rano

Faritra maro teto Antananarivo no tsy nahazo rano omaly, fantsona lehibe vaky teny Ambatoroka Boriboritany faha-2, no nahatonga ny fahatapahan-drano nanaritra tamina toerana maro teto Antananarivo. Niasa andro sy alina ireo teknisian'ny Jirama nanarina ilay fantsona lehibe DN600, hoy ny Jirama saingy sarotra ny fanatanterahana ilay asa fahatelo satria efa tena tranainy ilay fantsona. Nametaka ireo fitaovana vaovao hasolo ireo simba nanomboka omaly maraina ny mpiasan'ny Jirama. Efa miverina tsikelikely ny famatsiandrano toy ny amin'ny faritra Manakambahiny, Tanjombato, Andoharanofotsy, Tsimbazaza, Mahamasina, Ambohipo, Ankatso sy Ambolonkandrina. Mitohy ny asa famerenana tsikelikely ny famatsiana amin'ireo faritra sasany. Marihina anefa, hoy hatrany ny Jirama, fa tsy mbola afaka mampiakatra ny tosiky ny rano izy ireo, mandra-pahavita tanteraka ny asa.

***Stefa***


*Asa fanarenana fantsona vaky tao Ambatoroka.*

King Of Mobil Drag Racing XXL 2023

# Ranaivo Tojo nitondra Mitsubishi Evo X no nahery

Tontosa tany Arivonimamo tamin'ny alahady 9 jolay 2023, ny fifaninanana Run Mada « King Of Mobil Drag Racing XXL 2023 sur piste de 400m », izay « 2è manche du championnat de Madagascar » amin'ity fifaninanana ity. Nahery ka nibata fandresena voalohany teo amin'ny fifaninanana nasionaly natrehany ilay mpanamory Ranaivo Tojo, nitondra fiara Mitsubishi Evo X, nandresy an-dRafanomezantsoa Jean de Dieu dit Vazaha, nitondra ny fiara Subaru. Teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana i Tojo dia nanilika an'i «Jaytaxx » nitondra Bmw E30 Turbo ary i Vazaha dia nanilika an-dRamaherison Tahiry « Tom », nitondra ny fiara Peugeot 205 T8. Marihana fa i « Jaytaxx » no nitana ny laharana faha-3 tamin'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***


*Ny fiara Mitsubishi Evo X nentin'i Tojo.*

CAN 2023 sokajy U23

# Maroc no tompondaka


*Ny ekipam-pirenen'i Maroc U23.*

I Maroc no tompondaka, ka nibata ny amboaran'ny lalao baolina kitra CAN U23, 2023, rehefa nandavo an'i Egypte tamin'isa 1-0 teo amin'ny lalao famaranana, izay notontosaina tao amin'ny kianja «Complexe Sportif Prince Moulay Abdellah de Rabat » tamin'ny sabotsy 08 jolay 2023 lasa teo. Tany amin'ny fanalavam-potoana (minitra faha-105) no nahatafidiran'ilay mpilalao Oussama Targhaline an'io baolina niantoka ny fandresen'ny Maraokanina io, rehefa nisaraka tamin'ny isa 1-1 ny roa tonta teo amin'ny fe-potoana 90 minitra ara-dalàna (baolina matin'i Mahmoud Saber teo amin'ny minitra faha-10 hoan'ny Ejipsiana ary nosahalain'i Yanis Begraoui teo amin'ny minitra faha-37 kosa hoan'ny Marokanina). Nahazo ny tapakila hiatrehana ny Lalao Olaimpika any Paris amin'ny 2024 araka izany i Maroc U23.

***Rainilita***